## NY TENY FIAINANA

*Koa atolotro ho an'i Jehovah kosa izy: eny, amin'ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an'i Jehovah izy. Dia nivavaka tamin'i Jehovah izy.*

***I Samoela 1 : 28***

**ANTSAPAKY NY "CHAN ALGÉRIE 2022"**

# Ho tanterahina anio sabotsy any Algérie

Ho tanterahina anio sabotsy 01 ôktôbra 2022 any Algérie hanomboka amin'ny 9 ora alina eto Madagasikara, ny antsapaka amin'ny fifaninanana baolina kitra 'Chan Algérie 2022". Marihana fa miisa 18 ireo firenena tafakatra amin'ity dingana famaranan'ny Chan 2022 ity : Algérie (pays hôte), Maroc (vainqueur en 2018, 2020), Libye (vainqueur en 2014). Sénégal (4e place en 2009), Mali (finaliste en 2016, 2020), Mauritanie (3e participation) Côte d'Ivoire (3e place en 2016), Niger (4e apparition), Ghana (finaliste en 2009, 2014) Cameroun (4e place en 2020), Congo (4e apparition), RD Congo (vainqueurs en 2009, 2016) Ouganda (6e apparition), Soudan (3e place en 2011, 2018), Éthiopie (3e apparition) Mozambique (2ème apparition), Angola (deuxième place en 2011), Madagascar (1ère apparition)



*Amboara ny Chan.*

***Rainilita***

**Mpanazatra basket 3x3 Malagasy**

# Nizaran'i Karim Souchu traikefa

Nizaran'i Karim Souchu, mpanazatra ny ekipa frantsay 3x3, traikefa teny amin'ny foibe toeran'ny FMBB teny amin'ny 67 ha, ny mpanazatra basikety 3x3 Malagasy, tamin' ny alakamisy 29 septambra 2022 lasa teo. Amin' ny sabotsy 8 sy amin'ny alahady 9 ôktôbra 2022 ho avy izao indray ny dingana manaraka amin'ity fizararana traikefa ity, izay hatao eny amin'ny Kianja mitafon'Ankorondrano kosa indray. Tompo-marika tamin'ny hetsika mazava loatra ny FMBB Malagasy.

***Rainilita***


*Ireo mpanazatra basikety 3x3 Malagasy teny amin'ny 67 ha.*

**Makis Ladies XV**

# Hiatrika ny CAN rugby Féminine 2022


*Mpilalaon'ny Makis Ladies XV tetsy Andohatapenaka.*

Ao amin'ny Vondrona C no misy ny Makis Ladies XV, hiatrika ny fifaninanana rugby "Can feminine 2022", tafiditra ao anatin'ny fifanintsanana "Eliminatoires Mondial féminin 2023" ny Makis Ladies XV, ka efa ao anatin'ny fanomanana tanteraka izy ireo amin'izao fotoana izao. Hatao any Tunisie ao amin'ny kianja "Stade National de Rugby d'El Menzah" ny lalao amin'ny alarobia 12 ka hatramin'ny alahady 23 ôktôbra 2022 ho avy izao. Ao anatin'ny vondrona C ahitana an'i Tunisie sy Sénégal ary Madagascar no misy ny Makis Ladies XV.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina sy haricot vert indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambatoharanana any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambatoharanana any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatoharanana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'ala. Saro-dalana toy ny mankany amin'ny renivohitry ny distrika ihany koa ny mankany Ambatoharanana. Vokatra any ny vary, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga.



**Tontolon'ny kitra Malagasy**

# Nodimandry omaly i Maître Tristani Abel Noeli


*I Maître Tristani Abel Noeli fony fahavelony.*

Misaona indray ny tontolon'ny baolina kitra Malagasy. Nodimandry omaly zoma 30 septambra 2022 maraina i Maître Tristani Abel Noeli, izay "entraîneur psychologique" an'ny Barea Chan fahiny, manana ny mari-pahaizana Licence A CAF. Nitantana klioba maro teto an-tanindrazana izy fony fahavelony ary efa nanazatra klioba tany Comores ihany koa, nandritry ny 2 taona ary efa nibata ny tompondakan'i Afrika tamin'ny « Championnat Interclubs CAF ». Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia maneho etoana ny fiaraha-miory amin'ny ankohonan-dRatompokolahy sy ny fianakaviany akaiky iray manontolo ary amin'ny fianakaviamben'ny baolina kitra Malagasy amin'ny ankapobeny.

***Rainilita***